

# Tia Anao Andriamanitra!



# **ANDRIAMANITRA NO NAMORONA ANTSIKA, IZAO TONTOLO IZAO, ARY NY ZAVATRA REHETRA AO ANATINY**

Tamin'ny voalohany Andriamanitra nahary sy ny lanitra  
sy ny tany. —Genesisy 1:1

Ary vovo-tany no namoronan'i Jehovah Andriamanitra ny  
olona, ary nofotoniny fofonaina mahavelona ny vavorony;  
dia tonga olombelona izy. —Genesisy 2:7

Fa tao aminy no nahariana ny zavatra rehetra any  
an-danitra sy etè ambonin'ny tany, dia ny hita sy ny tsy hita,  
na fiandrianana, na fanjakana, na fanapahana, na fahefa-  
na, Izy no nahariana ny zavatra rehetra, sady ho Azy izany.  
—Kolosiana 1:16

Aoka ho fantatrareo fa Jehovah no Andriamanitra; Izy no  
nanao antsika, ary Azy isika. —Salamo 100:3a


Ary Andriamanitra nanao hoe: Andeha Isika hamorona  
olona tahaka ny endritsika, araka ny tarehintsika; ary aoka  
izy hanjaka amin'ny hazandrano ao amin'ny ranomasina sy  
ny voro-manidina sy ny biby fiompy sy ny tany rehetra ary  
ny biby rehetra izay mandady na mikisaka amin'ny tany. Ary  
Andriamanitra nahary ny olona tahaka ny endriny; tahaka  
ny endrik'Andriamanitra no namoronany azy; lahy sy vavy  
no namoronany azy. —Genesisy 1:26-27

***Namorona ny olona Andriamanitra mba hiaina  
hiaraka Aminy mandrakizay.***

---

Ny Soratra Masina ampiasaina dia nalaina avy amin' ny NY SORATRA MASINA DIA NY TESTAMENTA TALOHA SY NY TESTAMENTA VAOVAO — LA SAINTE BIBLE MALGACHE.

"Tia Anao Andriamanitra!" boky miloko Zon'ny mpamorona © 2019 izay natontan'ny  
World Missionary Press, Inc.



## **NAPETRAK'ANDRIAMANITRA TAO AMIN'NY SAHA EDENA I ADAMA SY EVA**

Ary Jehovah Andriamanitra nitondra an-dralehilahy ka namponina azy tao amin'ny saha Edena hiasa sy hitandrina azy. Ary Jehovah Andriamanitra nandidy an-dralehilahy ka nanao hoe: Ny hazo rehetra eo amin'ny saha dia azonao ihananana ihany; fa ny hazo fahalalana ny tsara sy ny ratsy dia aza ihananana; fa amin'ny andro izay ihanananaao azy dia ho faty tokoa hianao.

—Genesisy 2:15-17

***Ny menarana, antsoina koa hoe devoly na  
Satana, dia nampisalasala ny amin'ny  
fahefan'andriamanitra, ka nilaza lainga***

Ary hoy ny menarana tamin-dravehivavy: Tsy ho faty tsy akory hianareo.

Ary hitan-dravehivavy fa tsara ho fihinana ny hazo sady mahafinaritra ny maso ary hazo mahatsiriritra hampa-hahendry, dia nanotazany ny voany ka nihinanany; ary nomeny koa ny vadiny, ka dia nihinana izy.

—Genesisy 3:4, 6

***Satana, ilay fahavalon'ny aintsika, dia mpandainga  
goaibe. Tsy tokony hihaino azy mihitsy isika***

Izy [ny devoly] dia mpamono olona hatramin'ny taloha, ary tsy nitoetra tamin' ny marina, satria tsy misy marina aminy. Raha mandainga izy, dia ny azy no lazainy, satria mpandainga izy sady rain'ny lainga. —Jaona 8:44b



# **NY TSY FANKATOAVANA AN'ANDRIAMANITRA DIA NITONDRA OTA SY FAHAFATESANA TEO AMIN'NY TARANAK'OLOMBELONA**

Ary Jehovah Andriamanitra dia niantso an-dralehilahy ka nanao taminy hoe: Aiza moa hianao? Dia hoy izy: Nandre Anao tao amin'ny saha aho; dia natahotra aho, satria mitanjaka, ka dia niery.

Ary hoy Izy: Iza moa no nanambara taminao fa mitanjaka hianao? Efa nihinananao va ny hazo izay nandrarako anao tsy hihinananao? Dia hoy ralehilahy: Ny vehivavy izay nomenao ho namako, izy no nanome ahy ny voankazo, ka dia nihinana aho.

Ary hoy Jehovah Andriamanitra tamin-dravehivavy: Inona izao nataonao izao? Dia hoy ravehivavy: Ny menarana no namitaka ahy, ka dia nihinana aho.

—Genesisy 3:9-13

Koa izany dia tahaka ny nidiran'ny ota avy tamin'ny olona iray ho amin'izao tontolo izao, ary ny ota no nidiran'ny fahafatesana, ka nahatratra ny olona rehetra ny fahafatesana, satria samy efa nanota izy rehetra. —Romana 5:12

Fa samy efa nanota izy rehetra ka tsy manana ny voninahitra avy amin'Andriamanitra. —Romana 3:23

*Nanomboka tamin'io andro io ka mandraka  
ankehiriny, ny olona tsirairay dia teraka miaraka  
amin'ny karazan'ota ao am-pony, ary ho faty indray  
andro any satria ny ota no mitondra fahafatesana.*



## **NANIRAKA NY ZANANILAHY ANDRIAMANITRA HANAVOTRA ANTSIKA**

Fa toy izao no nitiavan'Andriamanitra izao tontolo izao:  
nomeny ny Zanani-lahy Tokana, mba tsy ho very izay  
rehetra mino Azy, fa banana fiainana mandrakizay.

—Jaona 3:16

Ary tamin'izany andro izany dia nisy didy navoak'i  
Aogosto Kaisara hampanoratra ny anaran'ny vahoaka  
rehetra amin'ny fanjakany. (Izany no fanoratana voaloha-  
ny natao fony Kyrenio nanapaka tany Syria.) Dia samy  
nankany amin'ny tanànanay avy izy rehetra mba hosorata-  
na. Ary Josefa koa niakatra avy tany Galilia, dia avy tao  
an-tanàna Nazareta, hankany Jodia, ho ao an-tanànan'i  
David, izay atao hoe Betlehema (satria avy tamin'ny  
taranak'i David sy ny mpianakaviny), mba hosoratana  
izy sy Maria fofom-badiny, izay efa bevohoka. Ary raha  
nitoetra teo izy, dia tonga ny andro hahavelomany. Ary ni-  
teraka ny Lahimatoany izy, dia nohodidininy lamban-jaza  
ka nampandrinny teo amin'ny fihinanam-bilona; fa tsy nisy  
nitoerany tao an-tranom-bahiny. —Lioka 2:1-7

Izao no nanehoana ny fitiavan'Andriamanitra antsika:  
Andriamanitra naniraka ny Zanani-lahy Tokana tamin'izao  
tontolo izao, mba hahavelona antsika amin'ny alalany.

—1 Jaona 4:9

Fa Zaza no teraka ho antsika, Zazalahy no omena ant-  
sika; ary ny fanapahana dia eo an-tsortony, ary ny anarany  
atao hoe Mahagaga, Mpanolo-tsaina, Andriamanitra Mahery,  
Rain'ny mandrakizay, Andrian'ny fiadanana. —Isaia 9:5

***Mba hidirana amin'ny taranak'olombelona, dia tsy  
mantsy tonga zazakely koa ny Zanak'Andriamanitra.***



## **NANDRAY NY FAHATERAHAN'I JESOSY IREO MPIANDRY ONDRY SY OLON-KENDRY**

Ary nisy mpiandry ondry tamin'izany tany izany nitoetra tany an-tsaha nitandrina ny ondriny tamin'ny alina. Ary nisy anjelin'ny Tompo nitsangana teo anilany, ary ny voninahitry ny Tompo nanelatrelatra manodidina azy, ka raiki-tahotra indrindra izy. Ary hoy ny anjely taminy: Aza matahotra; fa, indro, milaza teny soa mahafaly aminareo aho, dia fifaliana lehibe izay ho an'ny olona rehetra; fa Mpamony no teraka ho anareo anio ao an-tanànan'i Davida, dia Kristy Tompo. Ary izao no ho famantarana ho anareo: hianareo hahita Zazakely voahodidina lamban-jaza sady mandry ao am-pihinanam-bilona. Ary nisy anjely maro be avy any an-danitra niseho tampoka niaraka tamin'ilay anjely teo ka nidera an'Andriamanitra nanao hoe: Voninahitry any amin'ny avo indrindra ho an'Andriamanitra! Ary fiadanana ho ety ambonin'ny tany amin'ny olona ankasiträhany. Ary tamin'izany rehefa niala teo aminy ireo anjely ireo ka nankany an-danitra, dia niresaka ireo lehilahy mpiandry ondry ka nanao hoe: Andeha isika hankany Betlehema ka hizaha izany zavatra vao tonga izany, izay nampahafantarin'ny Tompo antsika. Dia nandeha faingana izy ka nahita an'i Maria sy Josefa, ary ny Zazakely nandry teo am-pihinanam-bilona.

—Lioka 2:8-16

Ary nony [ireo olon-kendry] nahita ny kintana izy, dia nifaly indrindra. Ary rehefa tafiditra tao an-trano izy, dia nahita ny Zazakely sy Maria reniny ka niankohoka teo anatrehany; ary nony efa nosokafany ny fitehirizan-drakiny, dia nanolotra zavatra ho Azy izy, dia volamena sy zavamanitra ary miora.

—Matio 2:10-11

*Jesosy koa dia antsoina hoe Imanoela, midika hoe  
“Amintsika Andriamanitra.”*



## **TENA ZANAK'ANDRIAMANITRA VELONA MARINA JESOSY KRISTY**

Ary raha vao natao batisa Jesosy, dia niakatra avy teo amin'ny rano niaraka tamin'izay Izy; ary, indro, nisokatra taminy ny lanitra, ary hitany ny Fanahin'Andriamanitra nidina tahaka ny voromailala ka nankeo amboniny. Ary, injao! nisy feo avy tany an-danitra nanao hoe: Ity no Zanako malalako Izay sitrako. —Matio 3:16-17

### ***Misy anaran'i Jesosy hafa dia ny TENY***

Tamin'ny voalohany ny Teny, ary ny Teny tao amin'Andriamanitra, ary ny Teny dia Andriamanitra. Izy dia tao amin'Andriamanitra tamin'ny voalohany. Izy no nahariana ny zavatra rehetra; ary raha tsy Izy dia tsy nisy nahariana izao zavatra ary izao, na dia iray aza. Izy no nisiam-piaínana; ary ny fiaínana no fanazavana ny olona. —Jaona 1:1-4

Ary ny Teny dia tonga nofo ka nonina tamintsika; ary hitanay ny voninahiny, dia voninahitra mendrika ho an'ny Lahitokana avy tamin'ny Ray, sady feno fahasoavana sy fahamarinana. —Jaona 1:14

Rehefa nampitenenin'Andriamanitra tamin'ny razana fahiny ny mpaminany tamin'ny andro samy hafa sy ny fanao samy hafa; dia amin'izao andro farany izao kosa no nampitenenany tamintsika ny Zanany, Izay voatendriny ho Mpandova ny zavatra rehetra; Izy no nahariany izao tontolo izao. —Hebreo 1:1-2

***Jesosy dia Andriamanitra—Naka endriky ny tenan'olombelona no fomba nahatongavany.***



## TSY NILEFITRA TAMIN'NY FAKAM- PANAHIN'NY DEVOLY JESOSY

Ary Jesosy dia nentin'ny Fanahy nankany an-efitra, mba halain'ny devoly fanahy. Ary nifady hanina efa-polo andro sy efa-polo alina Izy, koa nony afaka izany, dia noana. Dia nanatona ny mpaka-fanahy ka nanao taminy hoe: Raha Zanak'Andriamanitra Hianao, dia teneno ho tonga mofo ireto vato ireto. Fa Izy kosa namaly ka nanao hoe: Voasoratra hoe: „Tsy mofo ihany no hiveloman'ny olona, fa ny teny rehetra izay aloaky ny vavan'Andriamanitra”.

Ary ny devoly nitondra Azy nankany amin'ny tanàna masina ka nampitoetra Azy teo an-tampon'ny tempo-ly, dia nanao taminy hoe: Raha Zanak'Andriamanitra Hianao, mianjerà any ambany any; fa voasoratra hoe: „Izy handidy ny anjeliny ny aminao; Ary eny an-tànany no hitondran'ireo Anao, Fandrao ho tafintohina amin'ny vato ny tongotrao”.


Hoy Jesosy taminy: Voasoratra hoe koa: „Aza maka fanahy an'i Jehovah Andriamanitao”.

Ary ny devoly nitondra Azy indray nankany an-tendrom-bohitra avo dia avo ka naneho Azy ny fanjakana rehetra amin'izao tontolo izao mbamin'ny voninahiny, dia nanao taminy hoe: Izao rehetra izao dia homeko Anao, raha hiankohoka eto anatrehako Hianao.

Fa hoy Jesosy taminy: Mandehana hianao, ry Satana: fa voasoratra hoe; „Jehovah Andriamanitao no hianko-hofanao, ary Izy irery ihany no hotompoinao”. Dia nandao Azy ny devoly, ary indreo, nisy anjely tonga ka nanompo Azy.

—Matio 4:1-11

***Nampiasa ny tenin'Andriamanitra i Jesosy  
andresena ny fakam-panahy tsirairay.***



# **NOMEN'ANDRIAMANITRA ANTSIKA NY LALÀNY MBA AMPIANARANA ANTSIKA NY FOMBA FIAINANA**

Aza manana andriamani-kafa, fa Izaho ihany.

Aza manao sarin-javatra voasokitra ho anao, na ny mety ho endriky ny zavatra izay eny amin'ny lanitra ambony, na izay ety amin'ny tany ambany, na izay any amin'ny rano ambanin'ny tany.

Aza manonona foana ny anaran'i Jehovah Andriamanitro; fa tsy hataon'i Jehovah ho tsy manan-tsiny izay manonona foana ny anarany.

Mahatsiarova ny andro Sabata hanamasina azy.

Manajà ny rainao sy ny reninao mba ho maro andro hianao ao amin'ny tany izay omen'i Jehovah Andriamanitro ho anao.

Aza mamono olona.

Aza mijangajanga.

Aza mangalatra.

Aza mety ho vavolombelona mandaiga hanameloka ny namanao.

Aza mitsiriritra ny tranon'ny namanao; aza mitsiriritra ny vadin'ny namanao, na ny ankizilahiny, na ny ankizivaviny, na ny ombiny, na ny borikiny, na izay mety ho an'ny namanao akory aza. —Eksodosy 20:3-4, 7-8, 12-17

## ***Nomen'i Jesosy Didy Lehibe roa isika***

Dia hoy Jesosy taminy: „Tiava an'i Jehovah Andriamanitro amin'ny fonao rehetra sy ny fanahinao rehetra ary ny sainao rehetra”. Izany no didy lehibe sady voalohany. Ary ny faharoa, izay tahaka azy ihany, dia izao: „Tiava ny namanao tahaka ny tenanao”. —Matio 22:37-39

## ***Rehefa mankatò ny lalàn'Andriamanitra isika dia mampiseho fitiavana an'Andriamanitra sy fitiavana ny olona rehetra.***

2474  
473L43Y32  
YL32324L  
T434M23L4  
L#74LW44L  
WY2X44YI  
EW6290WY

094  
1110111110000  
B#4141  
74Y74L  
4971X  
Y049



## **NIFIDY MPANAMPY JESOSY— “AVIA, MANARAH AHY”**

Ary nony nandalo teny amoron'ny Ranomasin'i Galilia Izy, dia nahita an'i Simona sy Andrea, rahalahin'i Simona, nanarato teo amin'ny ranomasina; fa mpanarato izy. Ary hoy Jesosy taminy: Andeha hanaraka Ahy, fa hataoko mpanarato olona hianareo. Dia nandao ny harato niaraka tamin'izay izy ka nanaraka Azy.

Ary rehefa nandroso kelikely Izy, dia nahita an'i Jakoba, zanak'i Zebedio, sy Jaona rahalahiny, izay teo an-tsambokely koa namboatra ny haratony. Dia niantso azy niaraka tamin'izay Izy; ary izy mirahalahy nandao an'i Zebedio rainy teo an-tsambokely mbamin'ny olona nokaramainy, ka dia nanaraka an'i Jesosy. —Marka 1:16-20

Ary niakatra teo an-tendrombohitra Jesosy ka niantso izay tiany hankeo aminy; dia nankeo aminy ireo. Ary nanendry roa ambin'ny folo lahy Izy ho ao aminy sy hirahiny hitoriteny. —Marka 3:13-14

Fa Jesosy niantso ireo hankeo aminy ka nanao hoe: Avelao ny zaza hanatona Ahy, ary aza rarana; fa an'ny toa azy ny fanjakan'Andriamanitra. —Lioka 18:16

***Mbola manao antso avo amintsika Jesosy hoe,  
“Avia, manaraha Ahy.”***



## **IRAY AMIN'IREO TORITENY LEHIBE INDRINDRA NATAON'I JESOSY**

Sambatra ny malahelo am-panahy; fa azy ny fanjakan'ny lanitra. Sambatra ny ory; fa izy no hampifalina. Sambatra ny malemy fanahy; fa izy no handova ny tany. Sambatra ny noana sy mangetaheta ny fahamarinana; fa izy no hovokisana. Sambatra ny miantra; fa izy no hiantrana. Sambatra ny madio am-po; fa izy no hahita an'Andriamanitra, Sambatra ny mpampihavana; fa izy no hatao hoe zanak'Andriamanitra. Sambatra izay enjehina noho ny fahamarinana; fa azy ny fanjakan'ny lanitra. Sambatra hianareo, raha haratsin'ny olona sy enjehiny ary asiany izay teny ratsy rehetra hitenenany lainga anareo noho ny amiko. Mifalia sy miravoravao hianareo, fa lehibe ny valim-pitianareo any an-danitra; fa toy izany ihany no nanenjehany ny mpamiany izay talohanareo.

—Matio 5:3-12

### ***Nampianatra antsika koa Jesosy ny fomba fivavaka***

Koa amin'izany mivavaha toy izao hianareo: Rainay Izay any an-danitra, hohamasinina anie ny anaranao. Ho tonga anie ny fanjakanao. Hatao anie ny sitraponao ety an-tany tahaka ny any an-danitra. Omeo anay anio izay hanina sahaza ho anay. Ary mamelà ny helokay tahaka ny namelanay izay meloka taminay. Ary aza mitondra anay ho amin'ny fakam-panahy, fa manafaha anay amin'ny ratsy. Fa raha mamela ny fahadisoan'ny olona hianareo, dia mba hamela ny anareo kosa ny Rainareo Izay any an-danitra. Fa raha tsy mamela ny fahadisoan'ny olona hianareo, dia tsy hamela ny fahadisoanareo ny Rainareo.

—Matio 6:9-15



# **SASANTSASANY AMIN'IREO FAHAGAGANA NATAON'I JESOSY FONY TETY AN-TANY**

## ***Nanadio boka Jesosy***

Ary, indro, nisy boka anankiray nanatona dia niankohoka teo anatrehany ka nanao hoe: Tompoko ô, raha mety Hianao, dia mahay manadio ahy. Ary Jesosy naninjitra ny tânany, dia nanendry azy ka nanao hoe: Mety Aho; madiova hianao. Dia nadio tamin'ny habokany niaraka tamin'izay izy.

—Matio 8:2-3

## ***Nampitony ny tafiotra Jesosy***

Ary, indro, nisy tafio-drivotra mafy tonga tamin'ny ranomasina, ka dia efa nila ho voasafotry ny alon-drano ny sambokely; fa Izy natory. Ary nanatona izy ireo, dia namoha Azy ka nanao hoe: Tompoko, vonjeo, fa maty izahay! Ary hoy Izy taminy: Nahoana no saro-tahotra hianareo, ry kely finoana? Dia nitsangana Izy, ka noteneniny mafy ny rivotra sy ny ranomasina, dia tonga tony tsara ny andro.


—Matio 8:24-26

## ***Namahana olona marobe Jesosy***

Misy zazalahy aty manana mofo vary hordea dimy sy hazandrano madinika roa, fa ho ampy inona moa izany amin'izao olona betsaka izao? Fa hoy Jesosy: Asaovy mipetraka ny olona. Ary nisy ahitra be teo. Ka dia nipetraka ny lehilahy, tokony ho dimy arivo no isany. Dia nandray ny mofo Jesosy; ary rehefa nisaotra, dia nizara izany tamin'izay nipetraka hihinana Izy; ary ny hazandrano koa araka izay nilainy. Ary rehefa voky ny olona, dia hoy Jesosy tamin'ny mpianany: Angony ny sisa tsy lany, mba tsy hisy ho very.

—Jaona 6:9-12

***Rehefa hitan'ireo mpianany ireo fahagagana  
nataon'i Jesosy, dia mino izy ireo fa Izy no  
zanak'Andriamanitra.***



## **MANANA FAHEFANA HAMELA HELOKA JESOSY KRISTY**

***Namela ny fahotan'ilay mararin'ny paralysisa Jesosy,  
dia avy eo nanasitrana azy***

Ary nisy nanatona nitondra ny anankiray mararin'ny paralysisa ho eo aminy, izay nolanjain'efa-dahy. Ary satria tsy afaka nanakaiky Azy izy noho ny habetsahan'ny vahoaka, dia nanesorany ny tafon'ny trano nitoeran'i Jesosy, ka nony efa voasokatra, dia nampidininy teo ny fandriana izay nandrian'ilay nararin'ny paralysisa. Ary Jesosy, nony nahita ny finoan'ireo dia, nanao tamin'ilay mararin'ny paralysisa hoe: Anaka, voavela ny helokao. Ary nisy mpanora-dalàna sasany nipetraka teo ka nie-ritreritra tao am-pony hoe: Nahoana llehity no miteny toy izany? Miteny ratsy Izy. Iza no mahavela heloka afa-tsy Iray ihany, dia Andriamanitra?

Ary niaraka tamin'izay Jesosy dia nahalala tao am-panahiny fa nieritreritra izany tao am-pony ireo, dia hoy Izy taminy: Nahoana hianareo no mieritreritra izany zavatra izany ao am-ponareo? Iza moa no moramora kokoa, ny manao amin'ilay mararin'ny paralysisa hoe: Voavela ny helokao, sa ny manao hoe: Mitsangàna, betao ny fandrianao, ka mandehana? Fa mba ho fantatrateo fa ny Zanak'olona manana fahefana ety ambonin'ny tany hamela heloka, dia lazaiko aminao (hoy Izy tamin'ilay mararin'ny paralysisa): Mitsangàna, betao ny fandrianao, ka modia any an-tranonao. Dia nitsangana izy ka nambeta ny fandriany niaraka tamin'izay ary niala teo anatrehan'ny olona rehetra; dia talanjona izy rehetra ka nankalaza an'Andriamanitra nanao hoe: Tsy mbola nahita izay toy izao izahay.

—Marka 2:3-12



## **MANANA FAHEFANA AMIN'NY FAHAFATESANA I KRISTY**

### ***Nanangana an'i Lazarosy tamin'ny maty Jesosy***


Hoy Jesosy: Esory ny vato. Hoy Marta, anabavin'ny maty, taminy: Tompoko, maimbo izy izao, fa efa hefarana izay. Hoy Jesosy taminy: Tsy voalazako va fa raha hino hianao, dia ho hitanao ny voninahitr'Andriamanitra? Dia nesoriny ny vato. Ary Jesosy dia nanandratra ny masonry ka nanao hoe: Ray ô, misaotra Anao Aho, fa efa nihaino Ahy Hianao. Raha Izaho, dia fantatroy fa mihaino Ahy mandrakariva Hianao; fa noho ny vahoaka mitsangana manodidina no nilazako izany, mba hinoany fa Hianao no naniraka Ahy. Ary rehefa nanao izany teny izany Izy, dia niantso tamin'ny feo mahery hoe: Ry Lazarosy, mivoaha! Dia nivoaka ny maty nisy fehim-paty ny tànany sy ny tongony, sady voafehy mosara koa ny tavany. Hoy Jesosy tamin'ny olona: Vahao izy, ka avelao handeha.

—Jaona 11:39-44

### ***Nanangana ny zanaka lahin'ilay vehivavy mpitondra tena tamin'ny maty Jesosy***

Ary rehefa mby teo akaikin'ny vavahadin'ny tànana Izy, dia, indro, nisy fatin'ny lehilahy anankiray nentina nivoaka, izay zanakalahy tokan'ny reniny, sady mpitondratena ravehivavy; ary nisy vahoaka betsaka avy tao an-tanàna nanaraka azy. Ary nanatona Izy ka nanendry ny tranovorona, dia nijanona izay nilanja. Ary hoy Jesosy: Ry zatovo, hoy Izaho aminao: Miarena. Dia niarina ny maty sady niteny, ary dia natolony tamin-dreniny. —Lioka 7:12, 14-15

***Hoy Jesosy, Izaho no fananganana ny maty sy  
fainana. —Jaona 11:25a***



## **MANOME NY AINY HAMONJENA ANTSIKA AMIN'NY OTANTSIIKA JESOSY**

Fa fahafatesana no tambin'ny ota; ary fiainana mandrakizay no fanomezam-pahasoavana avy amin'Andriamanitra ao amin'i Kristy Jesosy Tompontsika.

—Romana 6:23

Ary izao no fanambarany: Fiainana mandrakizay no omen'Andriamanitra antsika, ary ao amin'ny Zanany izany fiainana izany. —1 Jaona 5:11


„Izay tsy nanota akory, sady tsy nisy fitaka teo am-bavany”; raha notevatevaina Izy, dia tsy mba nanevateva; raha nijaly, dia tsy nandrahona, fa nanolotra ny adiny ho amin'ny Mpitsara marina; ary Izy nitondra ny fahotantsika tamin'ny tenany teo ambonin'ny hazo. —1 Petera 2:22-24a

Ary izany no itiavan'ny Raiko Ahy, satria Izaho manolotra ny aiko mba handraisako azy indray. Tsy misy manaisotra ny aiko amiko, fa ny tenako ihany no manolotra azy. Manana fahefana hanolotra azy Aho, ary manana fahefana haka azy indray. Izany didy izany dia azoko tamin'ny Raiko. —Jaona 10:17-18

Izay mino ny Zanaka manana fiainana mandrakizay; fa izay tsy mino ny Zanaka dia tsy hahita fiainana, fa ny fahatezeran'Andriamanitra no mitoetra eo aminy. —Jaona 3:36

Hoy Jesosy taminy: Izaho no lèlana sy fahamarinana ary fiainana; tsy misy olona mankany amin'ny Ray, afatsy amin'ny alalako. —Jaona 14:6

***Ny fahafatesan'i Jesosy teo ambony hazo fijaliana dia anisan'ny drafitr'Andriamanitra anomezany antsika fiainana mandrakizay miaraka Aminy.***



## **NITSANGANA TAMIN'NY MATY JESOSY**


Ary tamin'ny alin'ny Sabata, raha vao nazava ratsy ny andro voalohany amin'ny herinandro, dia avy hizaha ny fasana Maria Magdalena sy ilay Maria anankiray. Ary indro, nisy horohorontany mafy; fa nisy anjelin'ny Tompo nidina avy tany an-danitra, dia nankeo ka nanakodia ny vato, dia nipetraka teo amboniny. —Matio 28:1-2

Ary ny anjely namaly ka nilaza tamin'ny vehivavy hoe: Aza matahotra hianareo; fa fantatro fa Jesosy, Izay efa nohomboana tamin'ny hazo fijaliana, no tadiavinareo. Tsy ato Izy, fa efa nitsangana araka izay nolazainy. Avia, ka jereo, fa tao no nandrian'ny Tompo. Ary mandehana faingana, ka lazao amin'ny mpianany fa efa nitsangana tamin'ny maty Izy; ary, indro, mialoha anareo ho any Galilia Izy; any no hahitanareo Azy; indro, efa nilaza taminareo aho. Dia niala faingana tamin'ny fasana izy ireo sady natahotra no faly indrindra, dia nihazakazaka hilaza tamin'ny mpianatra. Ary, indro, Jesosy nifanena taminy ka nanao hoe: Finaritra. Ary izy ireo nanatona, dia nihazona ny tongony ka niankohoka teo anatrehany. Dia hoy Jesosy taminy: Aza matahotra; fa mandehana, ka asaovy mankany Galilia ny rahalahiko; fa any no hahitany Ahy.

—Matio 28:5-10

Rehefa afaka izany, dia niseho tamin'ny iraika ambin'ny folo lahy Jesosy, raha nipetraka nihinana ireo; ary Izy nanome tsiny azy noho ny tsi-finoany sy ny hamafin'ny fony, satria tsy ninoany ireo efa nahita Azy, rehefa nitsangana Izy. —Marka 16:14

***Hoy Jesosy, Satria velona Aho dia ho velona koa hianareo. —Jaona 14:19b***



# AHOANA NO FOMBA FANDRAISANA AN'I JESOSY HO MPAMONJINAO MANOKANA

***Aoka tena hanenina ny amin'ny otanao ianao (mibebaha)***

Fa samy efa nanota izy rehetra ka tsy manana ny voninahitra avy amin'Andriamanitra. —Romana 3:23

***Miaike ny otanao amin'i Jesosy***

Raha miaiky ny fahotantsika isika, dia mahatoky sy marina Izy ka mamela ny fahotantsika sy manadio antsika ho afaka amin'ny tsi-fahamarinana rehetra. —1 Jaona 1:9

***Afoizo ny otanao***

Izay manafina ny fahotany tsy hambinina; fa izay mitsotra ka mahafoy azy no hahazo famindrampo.

—Ohabolana 28:13

***Minoa an'i Jesosy Kristy ho Mpamontjinao***

...Minoa an'i Jesosy Tompo, dia hovonjena hianao.

—Asan'ny Apostoly 16:31a

***Raiso Jesosy ho ao am-ponao***

Fa izay rehetra nandray Azy dia nomeny hery ho tonga zanak'Andriamanitra, dia izay mino ny anarany.

—Jaona 1:12

***Tari-bavaka***

Tompo Jesosy malala ô!

Misaotra Anao maty teo amin'ny hazo fijaliana, mba anesorana ny fahotako. Mifona aho ny amin'ny zavatra ratsy rehetra efa nataoko. Mangataka Anao aho ny mba amelana ny fahotako, midira ato am-poko ary mitoera ao mandrakizay. Matoky Anao aho izao hanadio ny foko. Raisiko lanao ho tena Tompoko sy Mpamontjiko. Misaotra Anao nanao ahy ho Zanakao.

Amin'ny anaranao no ivavahako, Amena.



## **IREO ZAVATRA HANAMPY ANAO ANARAHANA MARINA AN'I JESOSY**

**Vakio ny Tenin'Andriamanitra,  
ny Baiboly Masina, isan'andro**

Fanilon'ny tongotro sy fanazavana ny lèlako ny teninao.  
—Salamo 119:105

Mahazava ny famoahana ny hevity ny teninao ka manome fahalalana ho an'ny kely saina. —Salamo 119:130

**Mivavaha amin'ny fotoana rehetra na andro na alina**

Hariva sy maraina ary mitataovovonana no hitarinako sy hitolokoako; dia hihaino ny feoko Izy. —Salamo 55:17

**Matokia ny Tompo isan'andro**

Matokia an'i Jehovah amin'ny fonao rehetra, fa aza miankina amin'ny fahalalanao; maneke Azy amin'ny alehanao rehetra, fa Izy handamina ny lèlanao. —Ohabolana 3:5-6

**Manehao fitiavana amin'ny olona rehetra**

Ary aoka samy halemy fanahy amin'ny namany avy hianareo, ka hifampiantra sy hifamela heloka, tahaka ny namelan'Andriamanitra ny helokareo ao amin'i Kristy.

—Efesiana 4:32

**Tohizo ny fandehanana amin'ny fahazavana  
omen'Andriamanitra anao**

Fa raha mandeha eo amin'ny mazava isika, tahaka Azy eo amin'ny mazava, dia manana firaisana isika, ary ny ran'i Jesosy Zanany no manadio antsika ho afaka amin'ny ota rehetra. —1 Jaona 1:7

Ary Jesosy niteny tamin'ny olona indray ka nanao hoe: Izaho no fahazavan'izao tontolo izao; izay manaraka Ahy tsy mba handeha amin'ny maizina, fa hanana ny fahazavan'aina. —Jaona 8:12



## MIRESAKA AMIN'ANDRIAMANITRA AMIN'NY VAVAKA

### **Teny fikasana ataon'Andriamanitra amin'izay mivavaka**

Ary izao no fahasahiana ananantsika eo anatrehany: Raha mangataka zavatra araka ny sitrapony isika, dia mihaino antsika Izzy; ary raha fantatsika fa mihaino antsika Izzy, na inona na inona no angatahintsika, dia fantatsika fa azontsika izay angatahintsika aminy. —1 Jaona 5:14-15

### **Tsy maintsy mangataka amin'ny finoana isika**

Koa lazaiko aminareo: Na inona na inona tononinareo amin'ny fivavahana sy angatahinareo, dia minoa fa efa nan-drav hianareo, dia ho azonareo izany. —Marka 11:24

### **Rehefa mivavaka isika dia tsy maintsy mamela heloka koa**

Ary raha mitsangana mivavaka hianareo, ka misy olona anananareo alahelo, dia mamele ny helony, mba havelan'ny Rainareo Izay any an-danitra kosa ny helokareo.

—Marka 11:25

Fa raha tsy mamela ny fahadisoan'ny olona hianareo, dia tsy hamela ny fahadisoanareo ny Rainareo. —Matio 6:15

### **Tsara ny mivavaka miaraka amin'ny mpino hafa**

Ary lazaiko aminareo koa: Raha misy roa aminareo mifanaiky ety ambonin'ny tany na amin'inona na amin'inona ka hangataka izany, dia ho azony avy amin'ny Raiko Izay any an-danitra izany. Fa na aiza na aiza no iangonan'ny roa na telo amin'ny anarako, dia ao afovoany Aho. —Matio 18:19-20

### **Ny fankatoavana an'Andriamanitra miteraka valim-bavaka ho antsika**

Ary na inona na inona no angatahintsika dia raisintsika aminy, satria mitandrina ny didiny sy manao izay ankasitrahana eo imasonry isika. —1 Jaona 3:22

### **Ny vavaka dia fananana fifandraisana am-po miresaka amin'Andriamanitra ary mamela an'Andriamanitra koa miresaka ao am-pontsika.**



## **NY FANAHIN'ANDRIAMANITRA DIA MANOME ANTSIIKA FANOMEZANA HO AMPIASAINA AO AMIN'NY FANOMPOANA AZY**

Zarazaraina ho samy hafa ny fanomezam-pahasoaavana, nefá ny Fanahy dia iray ihany. Ary zarazaraina ho samy hafa ny fanompoana, nefá ny Tompo dia iray ihany. —1 Korintiana 12:4-5

Ary Izy no nanome ny sasany ho Apostoly, ary ny sasany ho mpaminany, ary ny sasany ho evanelista, ary ny sasany ho mpiandry sy mpampianatra, ho fanatanterahana ny olona masina, ho amin'ny asan'ny fanompoana amin'ny fiangonana, ho amin'ny [manangana] fampandrosoana ny tenan'i Kristy.

—Efesiana 4:11-12

Fa toy ny ananantsika zavatra maro momba ny tena iray, nefá tsy mitovy asa izay rehetra momba ny tena, dia toy izany koa isika, na dia maro aza, dia tena iray ihany ao amin'i Kristy, ary samy miara-momba ny tena isika rehetra. Ary satria samy manana fanomezam-pahasoaavana samy hafa isika, araka ny fahasoavana izay nomena antsika: raha faminaniana, dia aoka hatao araka ny ohatry ny finoana; raha fanompoana amin'ny fiangonana, dia aoka ho amin'ny fanompoana; raha mampianatra, dia aoka ho amin'ny fampianarana; raha mananatra, dia aoka ho amin'ny fananarana; izay manome, dia aoka ho amin'ny fahatsoram-po; izay manapaka, dia aoka ho amin'ny fahazotoana; izay mamindra fo, dia aoka ho amin'ny fifaliana.

—Romana 12:4-8

Ary na inona na inona ataonareo, dia ataovy amin'ny fo, tahaka ny ho an'ny Tompo, fa tsy ho an'olona, satria fantarareo fa ny Tompo no handraisanareo ny lova ho valiny; fa manompo an'i Kristy Tompo hianareo. —Kolosiana 3:23-24

***Tsy mitovy ny fanomezam-pahasoaavana ho an'ny mpino  
rehetra, fa ny mpino tsirairay dia omen'Andriamanitra  
fanomezam-pahasoaavana.***



## NY FITIAVANA NO FANOMEZAM- PAHASOAVANA LEHIBE INDRINDRA

Ary isika efa mahalala sy mino ny fitiavan'Andriamanitra antsika. Andriamanitra dia fitiavana; ary izay mitoetra amin'ny fitiavana no mitoetra ao amin'Andriamanitra, ary Andriamanitra ao aminy.

—1 Jaona 4:16

Ny Fanahy Masina, Izay nomena antsika, no nentiny nampidina ny fitiavan'Andriamanitra ho ao am-pontsika. —Romana 5:5b

Izao no didiko, dia ny mba hifankatiavanareo tahaka ny nitiavako anareo.

—Jaona 15:12

### ***Tsy misy dikany ny fanomezam-pahasoaantsika raha tsy manana fitiavana isika***

Na dia miteny amin'ny fitenin'ny olona sy ny anjely aza aho, kanefa tsy manana fitiavana, dia tonga varahina maneno sy kipantsona mikarantsana aho. Ary na dia manana faminaniana aza aho ka mahalala ny zava-miafina rehetra sady manana ny fahalalana rehetra, ary na dia manana ny finoana rehetra aza aho ka mahafindra tendrombohitra, kanefa tsy manana fitiavana, dia tsinontsinona aho. Ary na dia omeko ho an'ny malahelo aza ny fananako rehetra, ary na dia atolotro hodrana aza ny tenako, kanefa tsy manana fitiavana aho, dia tsy mahaso ahy akory izany. Ny fitiavana mahari-po sady mora fanahy; ny fitiavana tsy mialona, tsy mirehareha, tsy mieboe-bo, tsy manao izay tsy mahamendrika, tsy mitady ny azy, tsy mora sosotra, tsy manao otripo, tsy mifaly amin'ny tsi-fahamarinana, fa miara-mifaly amin'ny fahamarinana kosa, mandefitra ny zavatra rehetra, mino ny zavatra rehetra, manantena ny zavatra rehetra, maharitra ny zavatra rehetra. Ny fitiavana tsy ho levona mandrakizay.

—1 Korintiana 13:1-8a

Ary ankehitriny dia ireto telo ireto no mitoetra: ny finoana, ny fanantenana, ny fitiavana; fa ny fitiavana no lehibe amin'ireo.

—1 Korintiana 13:13



## **METY ANTSOINA HIARA-PAHORIANA NOHO NY FINOANA AN'I KRISTY NY SASANY AMINTSIKA**

Aza matahotra izay efa hiaretanao; indro, ny devoly efa hanao ny sasany aminareo ao an-trano-maizina, mba ho voazaha toetra hianareo, ary hanam-pahorianan hafoloana. Aoka ho mahatoky hatramin'ny fahafatesana hanao, dia homeko anao ny satroboninahitra flainana. —Apokalipsy 2:10

### ***Nijaly ho antsika Kristy***

Fa ho amin'izany no niantsoana anareo; fa Kristy aza efa nijaly hamonjy anareo ka namela fianarana ho anareo, mba hanarahahanareo ny diany; „Izay tsy nanota akory, sady tsy nisy fitaka teo am-bavany;” raha notevatevaina Izy, dia tsy mba nanevateva; raha nijaly, dia tsy nandrahona, fa nano-lotra ny adiny ho amin'ny Mpitsara marina; ary Izy nitondra ny fahotantsika tamin'ny tenany teo ambonin'ny hazo, mba ho faty ny amin'ny ota isika, fa ho velona ny amin'ny fahamarinana; ary „ny dian-kapoka taminy no nahasiranana anareo.”

—1 Petera 2:21-24

### ***Ny fitadidiana andinin-tSoratra Masina dia hanome antsika hery***


Andriamanitra no aro sy hery ho antsika; mpamony mora azo indrindra amin'ny fahorianan Izy. Koa izany no tsy hata-horantsika, na dia ho levona aza ny tany, na mifindra ho ao anatin'ny ranomasina aza ny tendrombohitra.

—Salamo 46:1-2

Izany teny izany efa nolazaiko taminareo mba hananana-reo fiadanana amiko. Aty amin'izao tontolo izao no ahita-nareo fahorianan; nefo matokia; Izaho efa naharesy izao tontolo izao.

—Jaona 16:33

### ***Ny fandresena izay enti-maharesy izao tontolo izao dia ny finoantsika. —1 Jaona 5:4b***



## **NY TENA MPINO MARINA DIA MANANA AN'I JESOSY KRISTY, ILAY MPIANDRY TSARA, MIARA-DALANA AMINY**

Jehovah no Mpiandry ahy, tsy hanan-java-mahory aho, Mampandry ahy amin'ny ahi-maitso Izy; mitondra ahy eo amoron'ny rano fialan-tsasatra Izy. Mamelombelona ny fanahiko Izy; mitarika ahy amin'ny làlan'ny fahamarinana noho ny anarany Izy. Eny, na dia mandeha mamaky ny lohasaha aloky ny fahafatesana aza aho, dia tsy hatahotra ny loza aho; fa Hianao no amiko; ny tsorakazonao sy ny tehinao, ireo no mahafa-tahotra ahy. Mamelatra latabatra eo anoloako eo imason'ny fahavaloko Hianao; manosotra diloilo ny lohako Hianao; ny kapoakako feno dia feno. Eny tokoa, fahasoavana sy famindrampo no hanaraka ahy amin'ny andro rehetra hiainako, dia hitoetra ao an-tranon'i Jehovah andro lava aho. —Salamo 23

Ny ondriko miaino ny feoko, ary Izaho mahalala azy, ary izy manaraka Ahy, ary Izaho manome azy fiainana mandrakizay, ka tsy ho very izy mandrakizay, ary tsy hisy handrombaka azy amin'ny tànako. Ny Raiko Izay nanome Ahy dia lehibe noho izy rehetra; ary tsy misy mahay mandrombaka amin'ny tànan'ny Ray. —Jaona 10:27-29

„Izaho tsy handao anao mihitsy na hahafoy anao akory.”  
—Hebreo 13:5b

Ary, indro, Izaho momba anareo mandrakariva ambara-pahatongan'ny fahataperan'izao tontolo izao.  
—Matio 28:20b

*Ireo izay manara-dia an'i Kristy dia  
hiaraka aminy mandrakizay.*



## **NY FANAHY MASIN'ANDRIAMANITRA DIA MAMPIANATRA ANTSIKA, ARY MANOVA ANTSIKA REHEFA MAMAKY SY MANKATO NY TENIN'ANDRIAMANITRA ISIKA**

Izay soratra rehetra nomen'ny tsindrimandrin'Andriamanitra dia mahasoa koa ho fampianarana, ho fandresen-dahatra, ho fanitsiana izay diso, ho fitaizana amin'ny fahamarinana.

—2 Timoty 3:16

Mazotoa manolotra ny tenanao amin'Andriamanitra ho olona voazaha toetra, dia mpiasa tsy mahazo henatra, mizara tsara ny teny fahamarinana.

—2 Timoty 2:15

Sambatra izay mitandrina ny teni-vavolombelony ka mitady Azy amin'ny fo rehetra; eny, izay tsy manao ratsy, fa mandeha araka ny lâlany.

—Salamo 119:2-3

Ato am-poko no iraketako ny teninao, mba tsy hanotako aminao.

—Salamo 119:11

Ny didinao no hosaintsainiko, ary hodinihiko ny lâlanao. Ny didinao no hiravoravoako; tsy hohadinoiko ny teninao.

—Salamo 119:15-16

Ary aza manaraka ny fanaon'izao tontolo izao; fa miovà amin'ny fanavaozana ny saina, hamantaranareo ny sitrapon'Andriamanitra, dia izay tsara sady ankasitrahana no marina.

—Romana 12:2


Fa Andriamanitra no miasa ao anatinareo na ny fikasana na ny fanaovana hahatanteraka ny sitrapony.

—Filipiana 2:13

Ary matoky indrindra aho fa Izay nanomboka asa tsara tao anatinareo no hahatanteraka izany mandra-pihavin'ny andron'i Jesosy Kristy.

—Filipiana 1:6

***Finoana dia avy amin'ny tori-teny, ary ny tori-teny kosa  
avy amin'ny tenin'i Kristy. —Romana 10:17b***



## **JESOSY KRISTY, ZANAK'ANDRIAMANITRA, DIA HO AVY INDRAY. AOKA HO VONONA IANAO!**

### ***Nampanantena Jesosy fa mbola hiverina indray***

Aza malahelo ny fonareo; minoa an'Andriamanitra, ary minoa Ahy koa. Ao an-tranon'ny Raiko misy fitoerana maro; raha tsy izany, dia efa nilaza taminareo Aho; fa handeha hamboatra fitoerana ho anareo Aho. Ary raha handeha hamboatra fitoerana ho anareo Aho, dia ho avy indray ka handray anareo ho any amiko, ka izay itoerako no hitoeranareo koa.

—Jaona 14:1-3

### ***Tsy misy mahay ny fotoana iverenan'i Jesosy indray afa-tsy Andriamanitra irery ihany***

Fa ny amin'izany andro sy ora izany dia tsy misy maha-lala, na dia ny anjelin'ny lanitra aza, [ary na ny Zanaka aza,] afa-tsy ny Ray ihany.

—Matio 24:36

### ***Ho avy tampoka i Jesosy ka mila miomana isika***

Fa ny tenan'ny Tompo no hidina avy any an-danitra amin'ny fiantsoana sy ny feon'ny arikanjely ary ny trom-petran'Andriamanitra, ka izay maty ao amin'i Kristy no hitsangana aloha; ary rehefa afaka izany, dia isika izay velona ka mbola mitoetra no hakarina hiaraka aminy ho eny amin'ny rahona hitsena ny Tompo any amin'ny habakabaka; dia ho any amin'ny Tompo mandrakariva isika.

—1 Tesaloniana 4:16-17


Dia miomàna koa hianareo; fa ho avy ny Zanak'olona amin'izay ora tsy ampoizinareo.

—Lioka 12:40

Mitandrema, miambena, ka mivavaha; fa tsy fantatra-reo izay hihavian'ny fotoana.

—Marka 13:33

### ***Aoka ho vonona—ho avy indray Jesosy!***





## **NY LANITRA NO FONENAN'IZAY MATOKY AN'I JESOSY**

**Toerana tena misy ny lanitra—ataovy azo antoka  
fa mivonona ho any ianao**

„Izay tsy mbola hitan’ny maso ary tsy mbola ren’ny sofina, na niditra tao am-pon’ny olona, na inona na inona no efa namboarin’Andriamanitra ho an’izay tia Azy.”

—1 Korintiana 2:9b

**Tsy misy alahelo intsony, na fanaintainana na  
fahafatesana any an-danitra**

Ary hofafany ny ranomaso rehetra amin’ny masonry; ary tsy hisy fahafatesana intsony, sady tsy hisy alahelo, na fitarainana, na fanaintainana; fa efa lasa ny zavatra taloha.

—Apokalipsy 21:4

**Tsy tian’i Jesosy ho voaheloka ny olona Tiany isika  
hanampy ny hafo hiomana ho any an-danitra**

Aza gaga amin’izany; fa avy ny andro izay handrenesan’ny olona rehetra any am-pasana ny feony; dia hivoaka izy: izay nanao tsara dia ho any amin’ny fitsanganana ho fiainana; fa izay nanao ratsy kosa dia ho any amin’ny fitsanganana ho fahamelohana. —Jaona 5:28-29

Ary Jesosy nanatona dia niteny taminy ka nanao hoe: Efa nomena Ahy ny fahefana rehetra any an-danitra sy ety an-tany; koa mandehana hianareo, dia ataovy mpianatra ny firenena rehetra, manao batisa azy ho amin’ny anaran’ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina sady mampianatra azy hitandrina izay rehetra nandidikao anareo; ary, indro, Izaho momba anareo mandrakariva ambara-pahatongan’ny fahataperan’izao tontolo izao. —Matio 28:18-20

**Jesosy Kristy ihany no lalana tokana  
mankany an-danitra!**

Published in numerous languages by World Missionary Press, Inc. as God supplies funds in answer to prayer. If you would like more copies for prayerful distribution, specify which language(s) you need and how many booklets.

**World Missionary Press, PO Box 120, New Paris, IN 46553-0120 USA**

## Maimaim-poana – Tsy azo amidy



For enlarged coloring pages and other activities,  
visit [www.wmpress.org/get-involved/kids-korner](http://www.wmpress.org/get-involved/kids-korner)  
**www.wmpress.org**

3-21



Read booklets online or by App  
[www.wmp-readonline.org](http://www.wmp-readonline.org)  
**2802/2 Malagasy GLY**